Ny Valosoa sy fakafaka

# Mampiditra mersenera Rajoelina 2


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 8 desambra 2018 Laharana 847 Vidiny : 400 Ar


**Marka 16: 16** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 91), 05 desambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Faritra Sava, Analanjirofo, Sofia, Diana 2

# Tantely mitondra mamy ho an'ny vahoaka Dada N°25



Morondava 3


# Nisy nanafika ny mpitarika ny K25



FAMPANDANIANA AN'I DADA N°25 2

## Manao ranolava ireo mpanakanto miara-dia aminy





Analaiva Morondava 6

## Dahalo iray sy fokonolona roa maty, zaza 4 lasa takalon'aina

Fampianarana ambony 6

## Mbola sarotra ho an'ny sahirana ara-pivelomana ny hiditra eny

K25 Ilakaka 3

## Manohy ny fampandaniana an'i Dada N°25

**Daka kely**

Hay tena barofo mihitsy ianareo ry Boaikely a !

Lapan'ny tanàna Analakely 6

## Mpanambady miisa 45 nosoratan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana



FARITRA SAVA, ANALANJIROFO, SOFIA, DIANA

## Tantely mitondra mamy ho an'ny vahoaka Dada N°25

Nanohy ny fitsidihany tany amin'iny tapany avaratra sy avaratra atsinanan'i Madagasikara iny omaly sy afak'omaly ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana. Tamin'ireo toerana rehetra nolalovany dia nirohotra nanatona azy hatrany ny vahoaka, toy ireny mamy antonin'ny tantely marobe ireny, arak'izany tantely mitondra mamy ho an'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka izay lalovany Dada. Fidio aho hoy izy, fa vonona hitondra ny tena fampandrosoana rehetra ho anareo, na eo amin'ny lafiny sosialy, na eo amin'ny lafiny toekarena. Nanararaotra ihany koa izy, niantso ny vahoaka rehetra ho tonga hifidy ny alarobia 19 desambra ho avy izao ary hahay hifidy mba tsy ho sanatria vato maty ny vato harotsaka. Noho izany, nampianatra ny fampiasana ny biletà tokana tamin'ireo vahoaka marobe tonga nanatrika azy hatrany ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana.



*Isambilo*

Fampandaniana an'i Dada N°25

## Manao ranolava ihany koa ireo mpanakanto miara-dia aminy

Ho fampandaniana ny kandidà Marc Ravalomanana na i Dada N°25, ankoatra ireo olon-tsotra, mpanao politika, avy amin'ny fiarahamonim-pirenena amin'ny fikambanana samihafa, manao ranolava koa ankehitriny ireo mpanakanto nanambara fa manohana an'i Dada. Tsy amin'ny alalan'ny fanafanana hira na fanentanana hafa fotsiny no ataon'ireo mpanakanto ireo amin'izany fa tena fandresen-dahatra amin'ilay antsoina hoe porte à porte mihitsy, na fitetezana tokantrano, no anentanan'ireto mpanakanto ireto ny olona sendra azy ireo hifidy ny kandidà Marc Ravalomanana. Anisanr'ireo mpanakanto ireo ry zareo mpamokatra sarimihetsika Malokila, ahitana an-dry Rajao, Pasitera, Mamitiana,… Toy izany koa ny mpanakanto Lego, Magneva. Ny herinandro teo, efa maro izy ireo no nanao izay fanambaram-panohanana izay, toa an-dry Ninie Donia, Tence Mena, Stéphanie, sy ny maro hafa,… Dia tsy maintsy ho lany ihany Dada a!



*Rajao sy Pasitera Malokila, anisan'ny mampandresy an'i Dada.*

*Isambilo*

Fampandaniana ny N°25

## Miara-dia amin'i Dada ny mpanakanto Gothlieb

Fampandaniana an'i Dada N°25, fantatra koa izao fa miara-dia amin'ny kandidà Marc Ravalomanana ny mpanakanto Gothlieb na Randriamasinoro Herinaivo. Nanohana ny foto-kevitr'i Dada izy tamin'ny fandaharana : "Don-tany sy Kapo-tandroka" tao amin'ny Mada-i Rradio tany Paris. Nandray anjara tamin'ny ady hevitra i Gothlieb, mpanohana ny 25, niady hevitra tamin'i Solo N°13. Nahafinaritra ny ady hevitra, nifanaja tsara ny mpifanandrina. Nahasolotena tsara ny K25 i Randriamasinoro Gothlieb Herinaivo, miaraka amin'ny fahaizany sy ny talenta fampihomehezana nahalalana azy, ary voafehiny ny resaka noresahana dia ny Manifesto indrindra indrindra na dia notsindriany tsara aza fa tsy afaka hipetraka eo amin'ny toeran'ny Kandida 25 akory izy, tsy nirahina ihany koa fa dia mijanona amin'ny mahampanohana fotsiny ihany. Nanao azy dia nanao azy koa Ingahy Andrianasolo Ratsimbazafy nanohana ny Kandida 13. Niambakavaka ihany teo amin'ny firesaka nefa dia hita fa tena niomana koa anefa. Raha nanontaniana momba ny Velirano izy dia nihanona fotsiny tamin'ny famakiana izay voasoratra: izay tsy voavaky tsara aza moa fa mila solomaso angamba.



*Ny ady hevitra teo amin'ny 25 sy ny 13 tany Paris.*

*Isambilo*

Zanak'i Faratsiho

## Mitaona ny vahoaka hifidy ny kandida N°25

Nanao valandresaka tamin'ny mpanao gazety teny Anosy omaly ny zanak'i Faratsiho monina eto Antananarivo. Nandritra izany dia nanambara ny mpitondra tenin' ny fikambanana Rakotondrabe, fa manohana tsy misy fepetra ny kandida N°25 Marc Ravalomanana izy ireo. Ny antony hanohananay azy araka ny nambarany dia i Dada Ravalomanana no nahavita be indrindra tamin'ireo mpitondra nifandimby tao Faratsiho. Raha vao nisy anefa ny fanonganampanjakàna tamin'ny taona 2009, izay naha- voatery ny filoha Marc Ravalomanana niala teo amin'ny toerany dia lasa faritra mahantra indrindra eto Madagasikara ny distrikan'i Faratsiho noho ny fahatapahan'ny fiharin-karena, indrindra ny omby vavy be ronono izay lasa varoboba noho ny fahapotehan'ny TIKO. Teo amin'ny lafiny fanabeazana indray dia nidintra an-tsekoly ny zaza Malagasy satria nomena fitaovam-pianarana ary tsy nandoa saram-pianarana. Ny tantsaha indray afa-pahasahiranana tamin'ny fitondràna Ravalomanana satria nahazo ny tohana tamin'ny PSDR, ka afaka niditra tamin'ny fambolena sy fiompiana manara-penitra. Nanjaka ny fandriampahalemana talohan'ny fanonganampanjakàna, raha any antsaha no matory ny mponina satria misy manafika ny tanàna. Noho izany, aza misalasala isika zanak'i Faratsiho na eto Antananarivo na any an-tanindrazana, eny manerana an'i Madagasikara mihintsy hanohana ny kandida Marc Ravalomanana N°25, mba hiverenan'ny tombontsoan'ny faritra misy antsika indray hoy Rakotondrabe.

*Helisoa*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mampiditra mersenera Rajoelina

Efa tafiditra eto na niniana nampidirin- dRajoelina Andry eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ireo vahiny «Mercenaires», na mersenera, manampahaizana manokana momba ny fifehezana ny fitaovam-piadiana sy ny ady. Tsy vitan'ny hoe naseho vahoaka mihitsy teny amin'ny CCI Ivato, farany teo, ireo vahiny ireo fa narahana fampisehoana fitaovam-piadiana sy fanamiana mihitsy. Mody hoe hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana no itondrana azy ireo, kanefa dia hita mibaribary fa « Mercenaires » no hiara-hiasa aminy. Raha tsiahivina ny tantara dia ny filoha Marc Ravalomanana no nosoketaina ho mpampiditra vahiny teto, dia iny hitan-tsika iny fa i Andry Rajoelina no tena mpanao azy. Hiarovana ny tenany sy ny fananany ary hamoretana ny mpiray Tanindrazana aminy mba tsy hisy hihetsika na iray aza no tena tanjon-dRajoelina. Nanamafy izany ny fampiasana ny miaramila Capsat sasany sy ireo « Mercenaires » Politika nandritra ny fanonganam-panjakana 2009 farany teo. Na i Dadafara izay nivadika rehefa tsy nahazo izay tombontsoa notadiaviny tany amin'ny kandida Marc Ravalomanana aza dia niaiky fa nanongam-panjakana i Andry Rajoelina tamin'ireny fotoana ireny. Tsy misy Malagasy na iray aza mankasitraka ny fampidirana Mercenaires eto. Manambany ny miaramila, ny Zandary ary ny polisy Malagasy ny fihetsika tahaka ireny ary manao tsinontsinona ny vahoaka Malagasy ihany koa. Nandritra ny filan-kevitry ny minisitra farany teo, rehefa nanao fanamarihana mahakasika ireny fihetsik'i Andry Rajoelina teny amin'ny CCI Ivato ireny ny filoham-panjakana mpisolo toerana Rivo Rakotovao dia nahatsapa fa tsy mitondra fitoniana eto amin'ny firenena ireny fa indrindra ao anatin'izao fampielezan-kevitra izao. Nirintona nivoaka ny fivoriana nanao loham-boto mihitsy ny Minisitra Mapar iray, Pierre Houlder, satria voatsindrona tany amin'ny ambava-fony ingahirainy. Tsy mahazaka ny marina fa efa zatra ny amboletra sy famoretana. Efa endriky ny faharesen'i Andry Rajoelina izany. Mahakasika ny tany nomendRajoelina Andry ny vahiny indray dia tsy misy tsy mahalala fa efa namidy tamin'ny vahiny ny tany maro eto Antananarivo sy any amin'ny Faritra. Ohatra amin'ireny ny Fasan'ny Karana, Andohatapenaka, Ankadimbahoaka, Ambohimanambola. Ankorondrano sy ny maro tsy voatanisa, ny fanondranana ny harem-pirenena tsy lazaina intsony, ka raha sanatria ka izy ireo no tonga eo amin'ny fitondrana dia ho betsaka ireo vahoaka no ho voaroaka eo amin'ny toerana sy trano misy azy. Aoka isika ho tonga saina amin'izay. Ny kandida Marc Ravalomanana dia mbola tsy nandroaka ny mpiray tanindrazana aminy na iray aza fa i Andry Rajoelina kosa sady namono, nandoro ny renivohitr'i Madagasikara no nampandositra ny mpiray tanindrazana aminy teto amin'ity firenena iombonana ity.

***Rajaonarimpanontsana***

Mpakanto sy politika

## Miara-dia amin'i Dada i Koike

Miara-dia ary manohana ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana koa izao ny mpanakanto Koike na Joselito. Nambarany fa aminy fo feno fitiavana tanindrazana sy fitiavana an'i Dada no hanentananay anareo mpiray tanindrazana. Filio Dada. Zahay tsy tambazana vola. Zahay tsy voavidy vola. Fitiavana an'i Dada hitondra ny tany no mamporisika anay. Harotsahy ny vato N°25 amin'ny alarobia 19 desambra 2018.


*Joselito na Koike, mampandresy an'i Dada amin'ny fifidianana fihodinana faha-2.*

*Isambilo*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajoelina: na hihodin-kavia, na hihodin-kavanana dia tsy afa-miala fa nanongam-panjakana

Miezaka mafy manadio tena manoloana ireo hetsika mamoafady notarihany tamin'ny taona 2009 ny kandidà Rajoelina Andry Nirina. Tsy azo hafenina anefa ny nataony rehetra fa izay minia mikimpy sy te-hanarotsarona ny marina ary jamban'ny fampanantenana hiara-misaosy ihany no mbola mikiribiby hanohana azy amin'izao fifidianana fihodinana faharoa ny 19 Desambra 2018 ho avy izao. Raha tsiahivina dia ny nanakatonana ny Radio/Télévision Viva izay namoaka manontolo ny fanehoan-kevitra, niendrika fandranitana fanonganam-panjakana, nataon'ny Amiraly Ratsiraka Didier no antony. Dradrain-dRajoelina Andry etsy sy eroa fa nitarika hetsi-bahoaka izy fa tsy nanongam-panjakana. Marina fa mety misy singa maromaro tsy voafehy ny hetsika rehetra saingy ny famotehana sy fandorana fananana iombonana na fananam-bahoaka dia tsy azo leferina raha tsy hiteny afa tsy izay. Fiambohona andraikitra (lâcheté) ny mamporisika olona fotsiny fa tsy miara-manatanteraka izay tian-katao. Na tiana na tsy tiana dia mibaribary fa valifaty tamin'ny nanakatonana ny Viva no anton'ny nandorana ny Mbs rehetra manerana ny Nosy. Tsy olombelona manam-panahy no sahy nandray tamin'ny vozon'akanjon'ny Mpitondra fivavahana toy ireny teny amin'ny Episcopat Antanimena ireny. Zon'ny filoha Ravalomanana Marc no nanendry ireo jeneraly ambony grady indrindra hanangana fanjakana miaramila (Directoire Militaire) kanefa izy ireo no tsy sahy nijoro sy natahotra ny ainy ka nanaiky nanao fanambarana teny amin'ny Capsat izay nanolotra izany fahefana izany indray ho an-dRajoelina Andry Nirina. Ny kabary nataon-dRajoelina Andry teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey nilaza fa "na basy hipoaka na tafondro hipoaka dia tsy maintsy mandresy ny tolona". Raha tsy fanonganam-panjakana ihany koa dia tsy misy manamboninahitra lefitra sahy nibaiko sy nanery jeneraly, Minisitry ny Fiarovam-pirenena, nanao sonia fametraham-pialàna toy ny teny Ampahibe. Antony roa izay samy tsy misy mitombina no nolazain'i Rajoelina Andry fa nahatonga an-dRavalomanana Marc niala teo amin'ny fitondrana, ny voalohany dia nametra-pialàna, hono, ity farany, ny faharoa tamin'izao fampielezan-kevitra izao dia nandositra, hono, ny kandidà Ravalomanana Marc fa tsy nanongana azy izany izy. Asa na samy nanao izay tiany natao ny tao amin'ny tafika tao fa tafondro (roquette) no nentina nanafika ny Lapam-panjakana Iavoloha ny 17 Martsa 2009, ka na nanambara tamin'ireo vahoaka niambina teny an-toerana aza ny Filoha Ravalomanana Marc tamin'izany fa hiaramaty amin'izy ireo dia voatery niala ihany ka lasa nanao sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo. Mbola nanamafy izany koa ny fijroana vavolombelona nataon'ny Kolonely Randriansoavina Charles izay anisan'ireo manamboninahitra nafana fo nitarika iny fanonganam-panjakana iny. Heverina fa tsy noho izy nosamborina sy notazonina teny Tsiafahy no nahatonga azy nanao iny fanambarana iny. Raha tsy mpanongam-panjakana no nitondra teto dia tsy nisy tamin'izany fotoana izany ny didy jadona, ka nisamborana ireo mpiaradia akaiky tamin'ny filoha Ravalomanana Marc. Fanonganam-panjakana no nisy teto matoa tsy nisy fanampiana azon'i Madagasikara nandritra ny dimy taona nitondran-dRajoelina Andry. Toy ireny mpanongam-panjakana rehetra ireny dia làlana tsy maintsy izorany ny fanaovana didy jadona ary mangoron-karena ka tsy mahagaga raha sivy taona aty aoriana dia mpanefoefo tsy misy toa an-dRajoelina Andry eto Madagasikara. Tsy nilatsaka ny sazy avy any amin'ny vondrona iraisampirenena ho an'ireo mpitondra 109 tamin'ny tetezamita raha tsy nifandray tendro tamin'ny fanonganam-panjakana izy ireo. Matoa tsy nisy fanampiana na ariary aza azo avy any amin'ny mpamatsy vola mahazatra avy any ivelany dia nanongam-panjakana izany ny mpitondra tamin'ny tetezamita izay ny kandidà Rajoelina Andry no filoha. Haparitaky ny gazety mpiaradia amin'ny kandidà laharana faha-13 fa hiakatra Fitsarana Ambony (Haute Cour de Justice), hono, ny kandidà Ravalomanana Marc kanefa araka ny fantatra dia efa dinihana eny amin'ny Antenimieram-pirenena ny momba an-dRajoelina Andry sy Rajaonarimampianina Hery. Na tiana na tsy tiana dia tsy afa-miala ary mpanome baiko (commanditaire) tamin'iny fanonganam-panjakana ny 17 Martsa 2009 iny ny kandidà laharana faha-13 Rajoelina Andry Nirina.

***Andry Tsiavalona***

Fifidianana 19 Desambra

# Manohy ny fampandaniana an'i Dada N°25 ny K25 Ilakaka

Fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana ny 19 desambra ho avy izao, manohy ny fanentanana fampandaniana an'i Dada N°25 ny K25 any Ilakaka distrikan'Ihosy faritra Ihorombe, tarihan'ny mpanao gazety Fernand Cello. Nasongadin'izy ireo tamin'izany fa mpanangana fa tsy mpandrava isika, miombona mba hitovy hevitra. Ny alakamisy teo, natomboka tao amin'ny" Carreau N° 05 "Fokontany Manombobe ny fandresen-dahatra, ary avy hatrany dia nanangana



*Ny tohin'ny fampielezan-kevitra tany Ilakaka.*

ireo ekipa solontena isaky ny "Carreau ", izay mifandray mivantana amin'ny olona manodidina, ka hanao ny fampielezan-kevitra isantrano sy hanaitra amin' ny andron'ny fifidianana. Taorian´izay dia notohizana tamin´ny toerana hafa, ary nofaranana tamin´ny "Video Projecteur "ankalamanjana momba ny raharaha 26 Janvier, 7 fevrier, 17 Mars 2009, sns... tao amin'ny Fokontany Mangatokana ny hariva ny fampielezan-kevitra nataon'izy ireo. Ankoatra izany, mitaraina ireo mponina ao Manombobe nohon´ny tsy fisian´ny fandriampahalemana, izay mahatonga ny olona hifindra monina, kanefa ny fifidianana ho avy. Miantso ny manam-pahefana ao anatin´ny faritra izy ireo mba hijery akaiky ny zava-misy any an-toerana. Fehiny, miha- maro ny mpanohana an'ny kandidà Marc Ravalomanana N°25. Manomboka miova ny fomba fijerin´ny olona na dia mandeha aza ny fafy lainga sy fanaratsiana ataon´ny mpifaninana. Hita ho resy lahatra amin´ny kandida 25, Ravalomanana Marc ny any an- toerana, ary nanome toky izy ireo fa tsy ho voarebirebin'ny fizarana vola intsony amin' ny andron'ny fifidianana.

***Isambilo***

Morondava.

# Nisy nanafika sy nidaroka ny mpitarika ny K25

Mahita ny tsy fahita isika amin'izao fotoana izao. Mandeha ny daroka ataon'ny tarik'i Andry Rajoelina, mandeha ny daroka tato anatin'ny fampielezan-kevitra, na tamin'ny fihodinana voalohany izany na amin'izao ankatoky ny fihodinana faharoa izao. Nitranga izay teto Antananarivo, nitohy tany Morondava ihany koa izany, tamin'ity faran'ny Herinandro ity. Tany Morondava dia nisy nidaroka ny anisan'ny mpitarika ny K25 any an-toerana Andriamatoa Rivo. Raha iny izy sy ny vadiny avy nivarotra iny, no nisy nanafika sy nidaroka tany Namahora Morondava, voa mafy Andriamatoa Rivo ka niditra Hopitaly, ny vadiny kosa, lasan'ireo roalahy nanafika ny poketrany. Ahiana ho resaka politika izao zava-nitranga izao satria matanjaka ny K25 any an-drenivohitr'I Menabe ka tsy zakan'ny tariky ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina. Izany ve no olona mihevitra fa hitondra firenena ? Ny kandida Marc Ravalomanana, araka ny nambarany dia mpanangana fa tsy mpandrava, fa ny ankilany kosa manao velikanota sy mampisara-bazana ny Malagasy amin'ity teny tsy voahevitra sy fihantsiana ady lavareny ity. Mbola arahana herisetra ihany koa ireo rehetra ireo. Ekena fa zandriny eo amin'ny fanaovana politika izy fa kosa raha mbola tsy mikatona ny lohamaleminy dia angamba tsy tokony hitondra na dia fokontany iray aza ny tenany. Zary lasa kilalaon-jaza ny fiainam-pirenena, ka miantehitra amin'ny Nofinofy fotsiny ilay Vina ary atahorana hivadika ho Voina ny hiafarany.

***Rajaonarimpanontsana***

## NY TENY FIAINANA

**Genesisy 2:8**

*Ary Jehovah Andriamanitra nanao saha tao Edena tany atsinanana, ka napetrany tao ralehilahy izay noforoniny.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Hampadio ny tanàna ny fiambenana ny dabam-pako



**Arp Helisoa** : misy miambina ny dabam-pako eto Antananarivo. Rehefa voahaja ny fotoana fanariana fako ami 5ora hariva ka hatramin'ny 8ora alina dia hadio ny tanàna.

**Eddy Andrianasolo** : tena mafy zao fa mampahery antsika hatrany. Tsy maintsy madio ny tanàna. Tsy ahita nirany intsony ny mpanao ny fako ho politika.

**Enitsoa Olivier Olivier** : courage e! ny tompo hiady fa isika kosa hangiana. Efa madio ny tanàna ankehitriny, noho izany tokony hitandro ny fahadiovana koa ny tsirairay.

**Rabehery Hasine** : izay fanarahan-dalàna mitondra firindram-piarahamonina izay no avadiky ny tsimatahotody ho jadona. misaotra amin fampanjakana ny fanarahan-dalàna.

**Mimiche RaZa** : henjana ka, raha tsy handrasana toy izao ve izany dia hanaonao fotsiny ihany ny mpanary fako.

**Rasoloniaina Félix Airnix** : tsika tsy maintsy mandresy. Efa mivaha ny olan'ny fako ankehitriny fa rehefa ho tonga eo i Dada afaka andro maromaro sisa, hivaha tanteraka ny olan'ny fanadiovana ny tanànan'Antananarivo.

**Hanta Raoelison** : ny antoandro be no mbola misy manary koa ! tokony ho jerena akaiky ireny arak'izany.

**Nirina Ravelomahita** : miezaka mampanara-dalàna sy fitsipika hatrany ny CUA tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

**Zandry Rodolphe** : misy ny effort be ataon'ny CUA fa mpivarotra amoron-dalana koa tena mandoto ny capital io. Amin'ny hariva, tena maloto iny Soarano sy Behoririka iny, amin'ny orudures avelan'ny marchands ambulants reo. Mila ampiharina amin'ny mpandoto ny sanction.

## TONONKALO

## Jiolahy io e !

Tena jiolahy daholo ny ankavia sy ny ankavanany.
(Efa nahitam-porofo fa tsy tsaho na lainga intsony.)
Manamafy tsotr`izao fa tena mihosin-dra ny tanany,
Izy mihitsy no mpaniraka sy mpibaiko avy eny ambony!

Tena jiolahy daholo ny ankavia sy ny ankavanany.
(Tsy ilay tao Golgota no miverina ho tazana !)
Fa boaikely ratsy taiza no manao izay hihinanany,
Amin-dresaka maloto fivarotan-tanindrazana.

Tena jiolahy daholo ny ankavia sy ny ankavanany,
Ka santionany amin`ireo ilay sefoben`ny mpaka an-keriny.
E jereo fa vetivety dia mitombo ny fananany.
Fomba ratsy sy maloto hatrany hatrany no haveriny !

Tena jiolahy daholo ny ankavia sy ny ankavanany.
(Ilay mpanondrana andramena izay karohina no akamany !)
Raha ny heno dia tsy misy ny hoe rohim-pihavanany,
F`io no mpiaraka mibizina amin`izy sy madamany.

Tena jiolahy daholo ny ankavia sy ny ankavanany,
Ary inoana fa ireo dia tena olona irahiny.
Na ny fihetsiny rehetra , na ny fomba fanentanany,
Dia mitory f`izy tsy hafa fa dahalo raindahiny !

Tena jiolahy daholo ireo mpiray latabatra aminy.
(Raha izy no ho voafidy dia ireo no hanjakazaka.)
Ka dia aoka ianao hisaina fa ny tiany sady maminy,
Dia ny handrava sy handroba raha vao mahazo laka!

***DADAN`i ZINA (07-12-18)***

# Kandida Marc RAVALOMANANA

TONGAVA MIFIDY

25












## Marka 16: 16

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 91), 05 desambra 2018

***Marka 16: 16 "Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina"***

Maro ny tsy mahalala marina ny tena dikan-teny. Toy izao no fanontaniana : iza no mino? = n'iza n'iza mino izay fahamarinana ambara aminy dia izy no atao Batisa. Ny zaza tsy afaka mino satria mbola tsy misy n'inona fantany, tsy mahay mibebaka sy miaiky fahotana ireny. Ny vita Batisa no afaka manao ny asan'ny lanitra sy ampahafantarina ny zava-miafin'ny Lanitra. JESOSY dia nanafatra toy izao : **Marka 16: 15** *"Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra"*. Io no asan'ny vita dingan'ny Batisa ka tandremo sao misy manova. JESOSY no maniraka anareo ho any amin'izao tontolo izao = any amin'ireo izay mbola tsy mahalala. Torio any amin'ny olombelona rehetra ny Filazantsara = ny momba an'i JESOSY izany filazana tsara izany, Zava-miafina tsinona ny momba AZY. Rehefa vitanareo ny Fibebahana ka voavela ny helokareo sy ny fahotanareo dia indro omena anareo ny fanomezana dia ny Fanahy Masina izany; **Andininy 17** *"Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy"*. Ary toy izao ny famantarana ho an'izay mino na iza izy na iza, ka tsy tokony hisy tahotra na fialonana, fitsaratsarana sy fanilikilihana ao anaty Fiangonana. Inona no miseho sy mitranga? Sahy mamoaka ireo fanahy ratsy tafiditra ao amin'olona ireo vita Batisa ary amin'ny Anaran'i JESOSY irery ihany no ananany fahefana manao izany. Ary dia manao fahagagana ny FANAHY MASINA fa miteny amin'ny fiteny izay mbola tsy hainy ny vita Batisan'ny Fanahy Masina. **Andininy 18** *"handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny."* Handray menarana izy= na dia mandalo fizahan-toetra mahamay aza dia mahazaka izany izy. **Jakoba 1: 12** *"Sambatra izay olona maharitra fakampanahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain'i Jesosy homena izay tia Azy"*. Io ilay voalaza hoe mahatohitra fakam-panahy. **Jakoba 1: 13-14** *"Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Jehovah no maka fanahy ahy; fa Jehovah tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny filany sy fitahiny izy"*. Mahatohitra hianareo rehefa vita Batisan'ny AFO . Eny na dia misotro zava-mahafaty aza = na dia misy fahaverezan-kevitra sy tsy mahita vahaolana intsony aza. Aoka izay nandalo ireo dingan'ny Batisa no mametratanana fa saro-pady indrindra ny petra-tanana. Inona no dikan'izy io? = famindrana FANAHY mba hiasa, raha misy aretina dia resin'ilay FANAHY mahery avy ao amin'izay vita Batisa, torak'izany koa raha misy fanahy ratsy mampahory dia ny Fanahy nomena anao sy ny AFO eo aminao mampiala an'i losifera sy mampandositra ny miaramilany. Etsy ange ianao hanambarako ny asan'ny AFO e! Ireto misy karazany :

I Mosesy tsy nahavita ny ASA nanirahana azy teo amin'i Farao raha tsy vitan'ny Batisan'ny AFO teo amin'ny roimemy nirehitra tsy nety maty. ***Eksodosy 3: 1-2.*** Nandritra ny fiandrasany ondry no nanaovako azy izany satria misy ASA lehibe miandry azy. ***Eksodosy 3: 3-4.*** IZAHO JEHOVAH dia niseho tamin'ny alalan'ny AFO teo amin'ny Zanak'Israely, ***Eksodosy 19: 18.*** Hitanareo tsara eo amin'ny ***andininy 21***. Toy izao ny dikany : fepero ny olona tsy hihaona AMIKO JEHOVAH raha tsy manamasin-tena (fibebahana io, fiomanana). Fefeo ny tendrombohitra ka hamasino izy. Izany hoe asio AFO ny tendrombohitra mba ho vita Batisan'ny Fanahy Masina ny olona. Rehefa vita izany rehetra izany vao ho tanterahiko amin'ny zanak'olombelona ny programako ary tsy misy mahasakana izany.

Toy izao ny tantaran'i Davida niaraka tamin'ny AFO, ***I Tantara 17: 15***. Tany am-piandrasana ondry izy no hitako ny toetrany, ny fombany ary natahotra AHY JEHOVAH izy. Ny fanaony mandritran'ny fiandrasany ondry dia mandrehitra afo. Tsy voasoratra izao fa ambarako aminao, matetika mihitsy rehefa miandry ondry izy dia manao afondasy maka fahazavana. Tamin'izany no nisehoako JEHOVAH taminy tao amin'ny AFO, ary dia niteny taminy tao amin'ny AFO AHO fa indray andro any dia ho tonga mpanjakan'ny Israely izy ary hosorana amin'izany, ary dia tanteraka tokoa izany. ***I Samoela 16: 13***. Tsy gaga tamin'izany i Davida fa efa fantany izany rehefa tonga teo aminy i Samoela Mpaminany. Mba fantatrao? Ny Batisan'ny AFO tao amin'i Davida no nahafatesany ny bera sy ny liona raha niandry ondry izy, ary novonoiny koa ilay Filistina tsy mifora , ***I Samoela 17: 34-37***. Rehefa niady tamin'i Goliata, ***I Samoela 17: 40***. Tehina = ny Heriko. Tehina midika fa ao aminy Ilay Fanjakako. Vato kilonjy dimy = tandindon'ireo Batisa dimy. Kitapo = tao am-pony. Antsamotady = io no tandindon'ny Fanahy Masina, fifandraisana AMIKO JEHOVAH avy aty ambony.

Toy izany koa ry Sadraka sy Mesaka ary Abednego raha natsipy am-patorana tao amin'ny lafaoro izay mahamay indrindra. ***Daniela 3: 20-21***. Nahoana no tsy nisy may izy telo lahy ireo? Satria vita Batisan'ny AFO. Nifanehitra ny afon'ny tany sy ny AFON'ny Lanitra ka tsy nahakasika azy ireo. Ny mpanipy azy ireo no may satria tsy nanana ny AFOn'ny Lanitra, tsy vita Batisan'ny AFO. ***Daniela 3: 22***. Nahagaga ny mpanjaka Nebokadnezara izany fa tsy nahavonjy azy ny fahalalany.

Nahoana no tsy narapakin'ny liona i Daniela raha natsipy tao an-davany? ***Daniela 6: 17-18***. Satria efa vita Batisan'ny AFO izy ka ny anjely mihitsy no nanakombona ny vavan'ny liona = Fahamarinana= Batisan'ny AFO. Ny fiafarany? Ny mpiampanga indray no natsipy tao an-davaky ny liona. Nisehoan'ny Voninahitro avokoa na ny lafaoro na ny lavaky ny liona. ***Daniela 3: 25. Daniela 6: 23***

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:

jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

## Raniry any Mahajanga

# Mahavelom-bolo ny fampandresena an'i Dada any Mahajanga

***Ny fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany.***

"Roso toy tsa mimpody koa!" Roso ny dia ka tsy miverina intsony, tongotra mby an-dakana; mizotra mankany amin'ny fampandresena an'i Dada Marc Ravalomanana amin'ny fihodinana faharoa. Tena mahavelom-bolo tokoa ny anay atỳ Mahajanga fa miara-mientana ny rehetra, hatramin'ireo olona efa tsy hita sy tazana intsony nandritra ny taona maro aza mba nifoha indray. Hita fa tena tapa-kevitra marina tokoa ny olona hamerina indray an'i Dada Marc Ravalomanana ho eo amin'ny fitondrana fa tena ho zava-doza tokoa no hitranga eto raha sanatria ka ilay iraikalahy Boaikely iny no ho lany eo. Raikitra ny fitetezana isan-trano, ny fandresen-dahatra amin'ireo tambazotran-tserasera maro isan-karazany. Ny sisa tsy ampy aminay dia ny resaka "visuelles", izay italahoana fanampiana aminareo mpitantana any ambony fa raha ny fahavononana dia efa tena manana tokoa ny K25 rehetra atỳ Mahajanga. Efa tena mankadilo mihitsy ny an'ny mpifanandrina fa ataony totoafo ny karazana fanasana atidoha maro isankarany, manginy fotsiny ny fanaratsiana sy fanarabiana ary ny fanosorampotaka. Atao ahoana fa izay ny azy no fomba fiadiny, manaratsy ny hafa mba hanatsarana tena. Soa fa efa tonga eto Mahajanga izao ny "MBS TV", hita ao amin'ny Canal 207 ao amin'ny Canal Plus; isaorana azy ireo eram-po erantsaina izany. Na izany aza tokony mba hitadiavana hevitra haingana ny hananganana ny MBS TV eto Mahajanga satria ny "marina mitavozavoza, hono, tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra". Tsy ny olona rehetra akory no afaka hisitraka izany "Canal Plus" izany fa ny hahatongavan'ny "MBS TV" isan-trano mihitsy izao no tanjona; mba tsy ho tompontrano mihono ny mpomba an'i Dada fa mba afaka hisitraka ireo vaovao rehetra ho fampandaniana an'i Dada amin'ny fihodinana faharoa.

Manaraka izany dia efa tena maro tokoa izao eto Mahajanga ireo manatevin-daharana ao amin'ny K25, hampandany an'i Dada amin'ny fihodinana faharoa. Betsaka ny olona tsy ampoizina, izay noheverin'ny maro fa tena mpifahavalo amin'i Dada. Mahavelompanantenana ny zava-misy, efa taratry ny ho avy sahady; fampihavanam-pirenena vita ho azy. Dia mankahery antsika rehetra manerana ny Nosy mba hanamafy ny ezaka ataontsika ho fampandaniana mazava an'i Dada Marc Ravalomanana n° 25. Tsara ny mamerimberina etoana fa tsy misy intsony ny fihodinana fahatelo fa tsotsorimamba hisarahana io fihodinana faharoa hotanterahana amin'ny 19 Desambra 2018 io. Noho izany, tokony hamondrona sy hanambatra ny hery isika; ampitomboina avo telo heny izay efa vitantsika tamin'ny fihodinana voalohany. Tsy mandresy lahatra intsony ireo efa resy lahatra isika fa ireo olona vaovao tsy mbola nifidy izay meherin'ny 45% no atao vaindohan-draharaha sy atao laharam-pahamehana. Tsy maintsy atao ihany koa izay hampihenana araka izay azo atao ireo vato maty na vato fotsy mba hampihenana ny elanelan'isa. Mitsangàna àry, entano ireo manodidina anao mba haka ny kara-pifidianany any amin'ny Biraom-pokontany. Tsara raha somary misahirana kely mihitsy isika, manampy ny sefom-pokontany hizara ireo kara-pifidianana tsy nisy mpaka ireo. Atao amin'ny fomba mazava sy manara-dalàna avokoa anefa izany mba tsy hahazo tsikera indray isika. Aza menatra mandresy lahatra olona fa fanavotam-pirenena no atao, ny soa ho an'ireo taranaka faramadimby no jerena fa ny antsika lehibe efa naman'ny vita. Mijoroa ary manàna ilay "Esprit de défit" mba hampandresena an'i Dada fa tsy ho zakan'ny vahoaka Malagasy ny fidingin'ny rambon'iretsy farany raha sanatria ka tsy izay no tanteraka. Manàna finoana fa ho azontsika ny fandresena. Tsy mila mipetrapetraka anefa fa tsy maintsy mitsangana mandresy lahatra ireo olom-baovao tsy nanantsafidy tamin'ny fihodinana voalohany. MANDRESY ISIKA REHEFA TAPA-KEVITRA NY HO MPANDRESY.

Farany, tena mahavalalanina tanteraka ny ataon'iny olona iny e! Vao niandoha ny fampielezan-kevitra dia sahy nilaza ampahibe maso indray izy, i Andry Rajoelina io, fa tsy marina iny valim-pifidianana navoakan'ny CENI sy ny HCC iny. Izany ve no olona hitondra firenena? Maninona raha nitondra porofo mazava raha toa ka tena tsy marina tokoa iny voka-pifidianana iny? Dia manasa ny atidohan'ireo mpomba azy indray fa izy no lany tamin'iny fihodinana voalohany iny, fa nahodina hankany amin'ny vato maty sy fotsy ny vato tokony ho azy. Tena tsy haiko ny azo ilazana an'iny olona iny fa tena gaga sy talanjona ny tena mahita ireo mbola manaiky hifidy azy ihany. Dia efa harangarangana sahady izao fa tsy maintsy mandresy izy amin'ny fihodinana faharoa satria nandresy hatrany izy tamin'ny fifidianana rehetra izay natrehany. Tsy fantany angaha fa kodiaran-tsarety ny fiainana? Tsy fantany koa angaha fa efa manomboka tonga saina daholo izao ny olona fa vitsy sisa ireo manaiky hobadoiny sy hanaovany ronono an-tavy ary hivarotany saka be loha eto? Ireo olona tratran'ny "Fanatisme aveugle" na "Fankafizana bontolo", ka manaiky be fahatany na dia hita izao aza fa tsy ho "possible", sisa no mifikitra mafy aminy ankehitriny fa ny ankamaroany efa samy tonga saina avokoa. Aiza ve ka ataony mitovy amin'i Miami sy Dubai ary Paris sns..., hono, i Madagasikara raha toa ka izy no ho lany eo. Tena menatra ny tena, mila hisitri-belona mihitsy raha mba sendra an'ireo vahiny avy any ivelany mandre an'izany. Fa firin-jato taona i Miami vao tonga amin'izao toerana misy azy ankehitriny izao? Ianao angaha hampiasa "baguette magique" ka hanova tampoka an'i Madagasikara ao anaty fotoana fohy? Aiza ny teti-bola hanatanterahana an'izany? Sa hiara-hiasa amin'ireo MAFIA sy mpamotsy vola kalaza maneran-tany? Tena menatra ny tena fa tsy hita izay atao e! Mahagaga fa mbola mahazo tehaka sy rombo ihany izy amin'izany fampanofisana mitsangana izany.

Tena mba natao ihany ny tsy hiteny saingy marin-koditra mihitsy ny tena mandinika lalina ny ho avin'ireto tanora ankehitriny raha sanatria ka izy olona toy izany no hitarika azy eo. Ny eo aza efa tsy hita izay hanaovana azy. Koa manentana antsika rehetra mba hiarahisalahy hampandany mazava an'i Dada Marc Ravalomanana amin'ny fihodinana faharoa. Izay ihany no vahaolana ho an'ity firenentsika efa tena tandindonin-doza ity. Efa vonona i Dada hifanome tanana amin'ny olon-drehetra koa samia mijoro ho Fanavotam-pirenena.

***Nangonin'Isambilo***

Lapan'ny tanàna Analakely

# Mpanambady miisa 45 nosoratan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana

Nahazo tombony manokana ny alakamisy teo ireo mpivady 45 satria dia ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana mihitsy no tonga nampitambatra azy ireo tamin'ny alalan' ny Fisoratam-panambadiana faobe, tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Araka ny nambaran'ny Ben'ny Tanàna dia anisan'ny fitaizana ny vahoaka mba hanana tokantrano vanona sy modely ho reharehan'ny fianakaviana ny fisoratam-panambadiana, ka fifaliana ho azy no nanatanteraka izany tamin'io fotoana io. Betsaka ihany koa hoy izy ny mpivady mbola tsy vita soratra eto an-drenivohitra, ka izay indrindra no nahatonga ny Kaominina hikarakara ny hetsika fisoratam-panambadiana maimaimpoana toy izao, nohamoraina tanteraka ny nahafahan'izy ireo nisora-panambadiana. 17 taona no zandriny indrindra tamin'ity fisoratampanambadiana ity ary 57 taona kosa no zokiny indrindra. Taorian'ny fisoratana dia afaka naka sary niaraka tamin'ny Ben'ny Tanàna avokoa izy ireo ary samy nahazo fanomezana. Fokontany 10 avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany ireto nahazo tombony ireto ary ho ezahina hahazo tombontsoa torak'izany ihany koa ireo avy eny anivon'ny Boriboritany 5 hafa eto an-dRenivohitra.



*Ny fisoratam-panambadiana faobe tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.*

***Aly***

Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nanadio ny tatatra sy ny lalana tao aorian'ny rotsakorana

Ny alakamisy teo ny teo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Boriboritany faha-4 dia nanatanteraka fanadiovana faobe teny amin'ny faritra Anosibe, niainga teny amin'ny rond-point tsenan'Anosibe hatreny amin'ny Pharmacie Volahanta izany. Niarahana tamin' ny Direction des travaux publique (DTP) ny Equipes Specialisées en Assainissement (ESA ), sy ny ekipa Teknika eo anivon'ny Boriboritany fahaefatra ary ny SAMVA. Ny hetsika dia niompana tanteraka tamin'ny fanalana ireo tsentsina rehetra izay hita fa manakana ny fandehanan' ny rano ka mahatonga izany hiparitaka, ka hameno ny arabe izay mety mitarika fahasimban'ny lalana sy fasahiranana ho an'ny mpandeha ihany koa. Ny Kaominina Antananarivo renivohitra (CUA) dia miezaka hatrany mihaino ireo fitarainan'ny mponina, ka mahatonga azy ireo manatanteraka avy hatrany ny asa izay ao anatin'ny vinan'ny Ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana dia ny hananana tanàna madio. Aharitra roa andro izany asa izany ary tsy hijanona hatreo ihany, fa hitohy manerana ireo Boriboritany hafa araka ny fanazavan'Andriamatoa Rakotomanga Rija Harivola talen' ny asa vaventy ao amin'ny CUA.



*Ny asa fanadiovana tao aorian'ny orana teny Anosibe.*

***Aly***

Androtra Fenoarivobe

# 6 maty, basy roa tratra noho ny fanafihan-dahalo



Ny sabotsy lasa teo dia nitrangana fanafihan-dahalo am-polony raha ny fampitam-baovao, tany Androtra Fenoarivobe faritra Bongolava, namaky io tanàna io. Lasa ny omby am-polony maro araka ny voalaza, nanara-dia ny fokonolona, naka Zazamainty tao Manjaka Fenoarivobe ny mpanaradia hanampy tosika azy ireo, teny an-dalana, raikitra ny fifandonana tamin' ireo dahalo, vokany : 5 no maty tamin'ireo dahalo mpanafika, raha 1 kosa tamin'ny mpanaradia izay voalaza fa Zazamainty izy io araka ny fampitam-baovao hatrany, basy 2 no azo, ka kalaky iray sy mass 36, ary efa eny ampelatanan'ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao, ireo omby kosa tafaverina amin'ny tompony avokoa.

***Serge***

## SARIITATRA: Aza miala amin'i Dada, izy ihany no mahavita




Fampianarana ambony

# Mbola sarotra ho an'ny sahirana ara-pivelomana ny hiditra eny

Nanomboka tamin'ity herinandro ity ny fanadinana fifaninanana hidirana eny amin'ny Anjerimanontolo ho an'ireo mpianatra afaka fanadinana ara-panjakana bakalorea. Anisan'izany ny eo anivon'ny fakiolten'ny soratra eny Ankatso. Tsy malalaka anefa ny fanadinana amin'izany fa misy volabe tsy maintsy aloan'ireo mpianatra maniry sy mikasa hiditra amin'ny sampam-pianarana iray safidiany. Volabe hatrany amin'ny 4 alina ariary na mihoatra akory aza no aloan'ny mpianatra iray amin'izany. Tsy voatery ho afa-panadinana anefa ilay mpianatra, fa rehefa tsy mahavaly ny takian'ny tompon'andraikitr'ilay sampam-pianarana iray tiany hidirana izy dia tsy tafiditra. Mety ho very araka izany mazava loatra ny vola naloa. Tsy vitsy amin'ireo mpianatra afaka fanadinana bakalorea anefa no zanaky ny fianakaviana sahirana ara-pivelomana. Tany amin'ny kilasy famaranana niatrika ny fampianarana aza izy ireny no maro no sahirana na tsy mahaloa saram-pianarana mihitsy ary voatery manapaka matetika. Efa ezaka mafy no nataon'izy ireny vao tafita afa-panadinana. Amin'ny fomba ahoana araka izany no hidirany hanohy fianarana eny amin'ny Anjerimanontolo? Tsy natao ho azy ireo ny Oniversitem-panjakana na dia manana fahaizana ihany aza izy. Tsy afa-manoatra noho ny sakana ara-bola izay tsy misy eo am-pelatanana. Eo amin'ny bakalorea ihany ve izany no fari-pahaizana na diplôma natao ho an'ny zanaky ny sahirana? Mitoetra araka izany ilay filazana hoe : mbola sekoly miangatra no misy eto amin'ny firenena. Olana iray lehibe miseho sy manjo ny tanora Malagasy maro izany ary tsy tokony odian-tsy hita. Iaraha-mahalala rahateo ny manjo ny firenena izay tsy mitsahatra miha- mahantra hatramin'ny taona 2009. Fianakaviana Malagasy marobe no sahirana ara-pivelomana tanteraka ary mifohafohavolo mihitsy miady amin'ny fiainana isan'andro vaky izao. Tsy maintsy hisy akony ratsy anefa izany any aoriana any na ho an'ny fiainam-pianakaviana na ho an'ny firenena manontolo. Fa antoky ny hoavin'ny firenena ny fananan'ny tanora ao aminy manana fahaizana amam-pahalalana feno.

***Radafy***

Analaiva Morondava

# Dahalo iray sy fokonolona roa maty, zaza 4 lasa takalon'aina

Dahalo iray sy fokonolona roa no maty, io no vokatry ny fifanandrinana teo amin'ireo dahalo sy ny fokonolona tao Analaiva fokontany Belobaka Morondava omaly maraina, nandritra ny fifanandrinana tamin'ireo dahalo nandroba omby sy ny fokonolona tao an-tanàna. Vao mangirandratsy ny maraina tokony tamin'ny dimy ora no nitrangan'ny fanafihana. Misy ihany koa ny olona naratra mafy nandritra ny fanandrinana, ka nentina namonjy ny CSB eo an-toerana, voakapan'ny famaky sy voatifitry ny basy ny ankamaroan'izy ireo . Ny mpitandro filaminana izay tsy lavitra teo kosa tsy afa-nanao ny fanarahan-dia raha tsy ny maraina afa-tsy ireo olona izay sahirana nitondra ny marary sy nikarakara ny razana ao an-tanàna. Zaza efatra nataon'ireto dahalo takalonaina kosa no tsy mbola tafaverina, ankoatr'ireo omby nangalariny. Ny indro kely, tsy misy mpitsabo mipetraka ao amin'ity CSB ity fa any Morondava no mamonjy an'Analaiva. Raha ny nambaran'ireo mponina teo an-tanàna dia efa ho herinandro izao no nikasa hiditra io tanàna io ireto dahalo ireto ka izao tafiditra izao ihany, ary nanao ny fanafihana .

***Serge***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mitsinjo A**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**01/12/18 hatramin'ny 08/12/18**

- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely (près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 848-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MPAMONJY VOINA CUA**

## Manapaka ireo hazo mety hampidi-doza amin'izao fahavaratra izao

Ho fisorohana ny loza izay mety hitranga eto an-dRenivohitra mandritra izao fotoam-pahavaratra izao, tonga nanapaka ireo hazo lo sy ahiana hianjera rehetra eto an-dRenivohitra ny sampana mpamonjy voina teny Betongolo sy Ambohijatovo. Rehefa avy mantsy ny orana dia betsaka ireo hazo izay atahorana hidaroboka, ka mety hahafaty olona, izay indrindra no mahatonga azy ireo handray



*Fanapahana hazo nataon'ny mpamonjy voina.*

izao fepetra izao mba tsy hitrangan'ny loza. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitra avy eo anivon'ny sampana mpamonjy voina dia afaka miantso ny laharana 118 ny mponina raha toa ka mahita hazo, na trano, izay ahiana mety hitera-doza ho an'ny vahoaka. Ankoatra izay dia efa misy ny sampan-draharaha manokana izay mitsirika ireo tranga mampiahiahy izay mety hitera-doza ao amin'ny sampana mpamonjy voina. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia manentana ny mponina mba ho mailo hatrany ary hiantso avy hatrany ny sampana mpamonjy voina raha mahita tranga mampiahiahy, ka mety hitera-doza.

***Aly***

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Nitohy nanadio ny loto miparitaka manodidina ny dabam-pako

Mitohy hatrany ny fanadiovana izay ataon'ny ekipa teknika ao amin'ny boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanadio ny faritra manodidina ny "bac à ordures" teo Madera Anosivavaka izy ireo omaly maraina. Izao no natao dia mba hialana amin'ny mety ho fiparitahan'ny fako sy ny loto. Ankoatr'izay dia mbola mitohy hatrany ny fiambenana ny bac à ordures isak'alina eny amin'ny boriboritany fahaenina. Mba tsy hampitobaka sy tsy hampiangona loatra ny fako dia, napetraka ny ora fanariana ny fako, ka tokony hajaintsika mponina mba hampirindra tsara ny fakana fako eto an-drenivohitra. Entanina hatrany ny isika mponina mba hanaja sy hanaraka antsakany sy andavany ireny toro-marika izay nomen'ny CUA ireny, mba ho tombontsoa iombonana.

***Aly***

Paositra Malagasy

## Nahazo tale jeneraly vaovao

Tontosa ny alarobia teo ny fifamindram-pahefana teo amin'ny tale jeneralin'ny Paositra Malagasy teo aloha, Rakotomanana Augustin sy ny tale jeneraly vaovao, Ranarison Richard . Tsy tonga nanatrika ny fifamindram-pahefana ny tale jeneraly teo aloha, na izany aza anefa dia naroso ihany ny lanonana izay natrehin'ireo vaditany sy ireo mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanana ary ireo solontenan'ny mpiasan'ny paositra manerana ny faritany, izay teo ambany fiahian'Andriamatoa Maharante Jean de Dieu, minisitry ny Paositry sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra. Ara-dalàna tanteraka ny fametrahana an'ity tale jeneraly vaovao ity raha ny nambaran'ny minisitra nandritry ny lahateniny satria tsy ny minisitra ankory no afaka manendry izay tiany ho tendrena fa nanaraka ny lamina ao amin'ny didy aman-dalana 94/510 mametraka, fa tokony ho ny filankevi-pitantanana no manendry ny tale jeneraly. Tsy mitombina araka izany ireo resabe mikasika ny fanendrena ny tale jeneralin'ny paositra sy ny fifandraisan-davitra. Naneho fisaorana sy fankasitrahana ny fanapahan-kevitra ny amin'ny fanendrena araka izany ireo solontenan'ny mpiasa nanerana ny nosy. Raha ny fantatra dia efa olona ampy traikefa eo anivon'ny paositra ity tale jeneraly vaovao ity , ary nitazona ny andraikitra maha tale jeneraly lefitra izy teo aloha. Vina sy fanamby lehibe araka izany no apetrany mandritry ny fitantanany, dia ny hahatonga ny Paositra Malagasy hatanjaka, indrindra eo amin'ny lafiny fampiroboroboana ny sampandraharaha mikirakira ny ara-bola.


***Rajo***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 262**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0261)

***Mitsivalana***
- Takolaka
- Ana – (Tr)an(o)
- Nandidy
- Tiko – Ony
- Aby – Ar
- Nanome
- Asa – Fora (Miv)

***Mitsangana***
- Tantana
- Anay – As
- Kankana
- Dobo
- Lay – Amy (Miv)
- Do – Re (Miv)
- Kaina
- An(dro)
- Fery (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 262



**Mitsivalana**

**1.** Fotoanan'ny fifampiarahabana **2.** Androany – Mpanondro lavitra **3.** Noraisina – Ao amin'ny vilia **4.** Marina – Alika **5.** Fofona ratsy **6.** Marika – Volana marobe **7.** Sakoroka – Zava-mahadomelina (Miv) **8.** Nkaroka ny tsy nisy **9.** Antso tsy misy farany – Tsirin-teny Mpanao – Ao amin'ny vava **10.** Nivadina (BR) – Leha

**Mitsangana**

**A.** Vita soamantsara **B.** Milaza fananana – Bibilava (Miv) – Renintsoratra mitovy **D.** Rà (Miv) – Loko **E.** Tsy miteny – Reraka (Miv) **F.** Niamboho (Miv) **G.** Tanànan'ny Bezanozano (Miv) **H.** Loka goavana **I.** Metaly – Karazan-trano **J.** Atsipazo – Herinay **K.** Tohero (Miv) – Faritra

### Valiny Teny mifanaraka 0261

***Mitsivalana***

1 Namboly - Rà 2. Anio - Feo 3. Natoanay 4. To (Miv) - Tra (Miv) 5. Siny (Miv) - o, i, o (ndeha hianatra izahay) 6. II - Asa 7. Sy - Vavy 8. Mpanoratra (Miv) 9. Hery - Nay (Miv) 10. Osa - Idiana

***Mitsangana***

A. Nana - Tsaho B. Ana - Sery (Miv) D. Mitono - Tra E. Boaty - Tay F. Si G. Lena - Diovy (Miv) H. Aro - Anay I. Fitiavana J. Re - Piso (Miv) K. Aoka - M.L.A

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fampielezan-kevitra nataon'i Dada N°25 tany amin'ny tapany avaratry ny Nosy.





## Jesoa Kristy no kapiteny Mpanangana fa tsy mpandrava

Ny FOKTIM, ny K25 ary ny ray amandreny ao amin'ny vohitra Ambohimiadana, fokontany Faliarivo kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano dia manohana tsy misy fepetra ny kandida Marc Ravalomanana N°25 amin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana aha 2 ny 19 DESAMBRA ho avy izao , izay tsy misy tambiny fa vokatry ny fo.

Ilay dimy amby roampolo
Tianay amin'ny fonay manontolo
Ilay fanilo mpanazava
Tsy mbola nanao kobaka am-bava
Ilay lehilahy tsy tia mandainga
Vavolombelon'ny asa ny bainga

